www.mitempo-iray.org

Ny fahotana sy ny heloka

Isaia 59:2 " FA NY HELOKAREO NO EFITRA MAMPISARAKA ANAREO AMIN'ANDRIAMANITRAREO. ARY NY FAHOTANAREO NO MAMPIAFINA NY TAVANY AMINAREO, KA DIA TSY MIHAINO IZY"

1.- Inona no atao hoe fahotana sy Heloka?

Ny fahotana dia ny **teo-panahin'ny** zanak'olombelona, niseho tao amin'ny Saha Edena, rehefa nandika ny hafatra izay nomen'Andriamanitra ho azy izy ireo.

Ny hafatra izay nomen'Andriamanitra:

Genesisy 2 : 16-17 «Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe : Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa hianao »

Jaona 16:9 "ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy"

Ny heloka kosa dia ny hetsika hatao aorian'ny tsy finoana na ny tsy fankatoavana izay lazain'Andriamanitra.

Genesisy 3:6 "...dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy"

Raha fintinina :

- **Ny fahotana** dia **ny tsy finoana, na ny tsy fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra**.

Jaona 16:9 "ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy"

- **Ny heloka** dia ny **hetsika rehetra aterak' izany tsy finoana na tsy fankatoavana izany.**

2.- Inona no vokan'ny fahotana sy ny heloka?

Ny heloka sy ny fahotana no nanapaka ny fifandraisan' Andriamanitra sy ny zanak' olombelona

Isaia 59:2 "Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo. Ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy."

Io fisarahana io no atao hoe "**fahafatesana ara-panahy**".

Io fahatapahan'ny fifandraisana io no **Ioharanon'ny olana rehetra** izay mianjady amin'ny zanak'olombelona, hatramin'izao andro ankehitriny izao **Isaia 59:2**.

Tsy manana ny "finoana" intsony ny zanak'olombelona satria maty na tafasaraka amin'Andriamanitra, ilay fanahy maha-olona (esprit).
Ny tsara ho faritana dia ny fanahy maha-olona no afaka mifandray amin'Andriamanitra fa tsy ny saina na ny vatana

3.- Inona ary no tokony hatao?

Asan'ny Apostoly 2:37 " Ary raha nandre izany ny olona, dia voatsindrona tam-pony ka nanao tamin'I Petera sy ny Apostoly namany hoe: **Ry rahalahy, inona no hataonay?"**

Raha te-hifandray amin'Andriamanitra indray ny olona dia **tsy maintsy velomina io fanahy maha-olona io** mba ho afaka mifandray indray amin'Andriamanitra izy.

Ny Ran'i Jesosy Kristy tokana ihany no hany afaka manadio sy mamafa ny fahotana sy ny heloka vita rehetra.

1Jaona 1:7,9 "Fa raha mandeha amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i jesosy Zanany no manadio anrsika ho afaka amin'ny ota rehetra. (...) Raha manaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehehtra."

Ny dingana tsy maintsy hatao raha te hahazo ny fanadiovana tanteraka ny amin'ny lasany rehetra ny olona :

- ✍ **Ny fiaiken-keloka**
- ✍ **Ny fibebahana** .

Ny hetsika tsy maintsy hatao dia

- ✍ mino ny asam-pamonjena izay vitan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana
- ✍ mandray Azy ho fiainana.

Io hetsika ara-panahy no mamelona ilay fanahy mba ho afaka mifandray indray (mino) amin'Andriamanitra ny olona.

Ny tanjona izao fitaizam-panahy izao dia ny:

- ✓ hamerina anao ho eo amin' Andriamanitra, mba hanananao indray ny tena fiainana, dia ilay fiainana be dia be, araka izay nampanantenain'i Jesosy

Jaona 10:10 "Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; **Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be**."

- ✓ hahafantaranao ny antom-pisianao eto an-tany

Tokana ihany no làlana hahazoana miverina indray eo amin'Andriamanitra dia

- ✓ ny fiaikena ny fahotana
- ✓ ny finoana ny asam-pamonjena natolotr'Andriamanitra amin'ny alàlan' i Jesosy Kristy
- ✓ ny fandraisana izany,
- ✓ mangataka ny fanadiovana ny fahotana lasa rehetra, amin'ny Ran'i Jesosy

1Jaona 1:7-9 "Fa raha mandeha amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i jesosy Zanany no manadio anrsika ho afaka amin'ny ota rehetra. Raha hoy isika: tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika. Raha manaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehehtra."

Io no tena fibebahana marina.

Ankatoavy sy araho tsara, amin'ny fo tsotra, ny dingana efatra ho amin'ny famonjena dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinao ianao.

Ny Mpiandraikitra : Jonhs RAMAHERISON
00261(0)34 03 175 85
herinezi@mitempo-iray.org

www.mitempo-iray.org